# NY KABARY

## 1. Famaritana:

Lahateny, antso avo atao ampahabemaso ho ren'ny be sy ny maro ny kabary.

## 2. Ny ilana ny kabary:

- Entina hanamarinana na hanazavana zavatra iray manan-danja.
- Entin'ny mpiteny maneho ny fahaizany miteny sy mitana ny sain'ny mpihaino amin'ny alalan'ny teny tsara rindra sy ohabolana voafantina.
- Nentin'ny mpanjaka nampita hafatra tamin'ny vahoaka ny kabary

-

## 3. Ny toetra tokony hananan'ny mpikabary:

- Mila fahasahiana

- Mila fahaizana manadaha-teny
- Mila avo feo.
- Mahafantatra ny fahendrena malagasy
- Mahafehy ny ohabolana sy ny hain-teny

## 4. Ireo karazana kabary.

Maro karazana ny kabary, fa hosinganina manokana ireto :

- Ny kabary am-panambadiana
- Ny kabary am-pandevenana
- Ny kabarin'ny mpanjaka
- Kabary am-pamadihana
- Kabary am-pahoriana
- Kabary ambony vavahady
- Kabary politika na ny mpitondra

Ohatra :

### ❖ Ny kabary am-panambadiana

Manana ny lanjany teo amin'ny fampakaram-bady malagasy ny kabary. Misy ny fifamaliana kabary avy amin-drazazalahy sy razazavavy, izany hoe, ny mpangataka sy ny angatahina. Hita ao amin'izany kabary izany ny: ala sarona sy azafady, ny fialan-tsiny, ny fiarahabana, ranjan-kabary: *ny anton-dia, fangatahana, ny ala fady, ny toki-pitiavana, vodiondry, … fisaorana*

### ❖ Ny kabary am-pandevenana

Misy dingana telo ny kabary tontosaina teny amin'ny fasana alohan'ny hampidirana ny razana ao. Mialoha izay anefa dia misy ny fisaorana ny fokonolona mialoha ny ialan'ny razana eo am-bohitra.

1- Filazalazana ny momba ny maty

Ny fiainany, ny lazany, ny zava-bitany (tanterahin'ny olona manan-kaja iray)

2- Miteny ihany koa ny zanaky ny maty ho mariky ny fananana dimby (mpandimby)

3- Atao ao aorian'ny fanitrihana,

(Misy solontenan'ny fianakaviana hisaotra ny mpanotrona.)

### ❖ Ny kabarin'ny mpanjaka na ny mpitondra

Io kabary io no nalaza indrindra, izay nentina nampitana hafatra na sori-dalana na Didim-panjakana, mety mifono hafatra sy torolalana mitarika ny sain'ny vahoaka hivoatra.